

## **TORITENY – 08 desambra 2021**



### **“FANKALAZANA MANETRIKETRIKA AN’I MASINA MARIA VIRJINY NOTORONTORONINA TSY AZON-KELOKA ”.**

Ry Kristianina havana, faly isika miara-mankalaza amin’ny fomba manetriketrika an’I Masina Maria notorontorinona tsy azon-keloka, mpiaro voalohany an’i Madagasikara iombonantsika amin’ny Eglisy Erantany amin’izao isika Olo Araiky Jiaby, isika EOV mikatroka manatanteraka ny Sinaody izao. An-kafaliana sy an-karavoana no itondrana

**Vakiteny I:** Jen. 3, 9-15. 20

**Salamo :** Sal. 97

**Vakiteny II:** Efez. 1, 3-6. 11-12

**Evanjely :** Lk. 1, 26-38

ny firarian-tsoa, ny fiarahabana ho antsika tsirairay satria mpiaro antsika i Masina Maria virjiny, Immaculée Conception izay tamin’ny fotoan’andro efa ela no nolidiny ireo eveka ho mpiaro ny tanindrazantsika, izany heo Mpiaro

antsika tsiraikiraiky. Tsara raha miara-misaotra an’Andriamanitra isika satria ny Tenin’Andriamanitra aroson’ny Eglisy amin’izao fotoana ankalazantsika ny Immaculée Conception izao dia mampitodika antsika amin’ny batemy izay noraisintsika, vita batemy aho ka irahina. Tsy inona no halalinintsika amin’izao inaody izao fa ny hoe : “Eglisy miara-dalana, Olo velona, miombona mandray an-tanana ka irahina ho TABERNAKLA VELONA”.

Izany no lohahevitra manentana antsika amin’izao Sinaody izao na amin’ny sinaody faha-7 tanterahintsika eto amin’ny diosezy ka iombonantsika amin’ny Eglisy erantany. Amin’izao fiomanantsika akaiky ny noely izao no ankalazantsika ny fetin’i Masina Maria virjiny notorontoronina tsy azon-keloka ka mampandinika ny batemy noraisintsika.

Ampahatsiahivin’ny Vakiteny faharoa ny taratasin’i Md Paoly ho any Efezianina « *Nifydysantsika tao aminy mba ho masina tsy manan-tsiny ao aminy isika* » izany no dikan’ny batemy mahatonga antsika ho masina. Ny atao “masina” arak any averintsika matetika dia izay miombona amin’Andriamanitra izay any masina. Ny batemy mahatona antsika miombona amin’Andriamanitra ka masina isika. Marina olombelona isika mandia tany

ka mety solafaka lavo ary miloloha lanitra mety lena fa araka io fampianaran'I Md Paoly vokatry ny traikefany io fa indrindra noho ny finoana nananany dia tsy nisalasala izy manambara fa raha vita batemy isika dia zanak'Andriamanitra, tsy noho ny fahamendrehantsika fa noho ny fanomezan'Andriamanitra. Izy no nifidy antsika mba ho masina tsy manan-tsiny isika eo anatrehany ary izany dia talohan'ny naharian'izao tontolo izao. Izany no vôkasiontsika. Izany no mahatonga antsika miverina mandalina izany amin'izao Sinaody izao ny fototry ny finoana ary miainga amin'ny fianakaviana Eglisy kely. Izany no mampitodika antsika amin'i Masina Maria satria izy no voalohambokatra, Renin'Andriamanitra izy, izy no azo lazaina ho "prototype". Izany hoe Izy no modely fototra ho antsika vita batemy jiaby, izy no nokolokolo'in'Andriamanitra tsy noho ny fahamendrehany fa noho ny fahasoavana entin'i Kristy ka izy no novolavolain'Andriamanitra ho modely ho antsika amin'ny tsy maha manan-tsiny azy. Izy no fonenan'ny zanak'Andriamanitra ka noho izany dia isika ihany koa no fonenan'i Kristy, izany no dikan'ny fiomanantsika amin'izao noely izao sy fanatanterahantsika ny Sinaody izay tsy inona fa ezaka ataantsika amin'ny famenoana ny siny enina, ny sajoe saota, hahatonga antsika tokoa ho volavolain'Andriamanitra na dia tsy lavorary tahaka an'i Masina Maria fa miombona amin'Andriamanitra.

Izany ny fiainantsika raha mandray an'i Kristy isika dia onenan'Andriamanitra dia miova ny fiainantsika, izany heo fiainana miombona amin'Andriamanitra ka miova ny fifandraisana rehetra efa potika teo aloha di any fifandraisana amin'ny zava-boary, fifandraisantsika eo anivon'ny tontolom-piainantsika, ny fifandrandraisana eo anivon'ny tontolom-pinoana. Masina Maria no modely sy famantarana ho antsika. Na dia eo ny fahotana tamin'ny fototra ao amintsika ao dia efa miandranda ny famonjena ao amin'i Kristy isika.

Voalaza amin'ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'i Jenezy, nalain'ny demony fanahy ireo olombelona voalohany, lavo tamin'ny fahotana, ary azo lazaina fa tsy maintsy atrehintsika koa amin'ity fiainantsika ity, Ady sady Dia ny fiainana. « *Ary hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy, ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohano, ianao kosa hanorotoro ny ombalahin-tongony* ». Ady amin'ny fahotana, amin'ny sedra atolotry ny demony ny fiainana ka tsy maintsy atrehintsika. Vokadratsin'ny fahotana tamin'ny fototra io ady amin'ny ratsy io. Izany no nahatonga an'i Masina Maria novolavolain'Andriamanitra hiatrika an'izany ary i Jesoa zanak'Andriamanitra no zanak'i Masina Maria, izy izay tsy nanota nanaiky ho fahotana mba hanitsakitsaka ny fahotana. Koa raha miaraka Aminy, amin'I Jesoa isika dia afaka hanitsakitsaka ny ratsy sy ny demony. Milaza miara-mahita isika fa imbetsaka no miatrika izany ady izany isika. Izany no mahatonga an'i Md Paoly nilaza hoe « tsy ny tsara izay iriko no ataoko fa mirona amin'ny ratsy aho... » (Rm 7, 19). Mila ny Fahasoavan'Andriamanitra Izy, araky ny voalazany hoe : « tsy izaho fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amiko » izany hoe tsy afaka miasa ny fahasoavana raha tsy misy ny ezaka avy amintsika. Izany no mahatonga antsika miezaka manao izao

Sinaody izao. Manasa antsika hiroso lalindalina kokoa amin'ny fanatanterahana ny Sinaody.

Tohizantsika ny fandalinana ireo tenin'Andriamanitra. Rehefa avy ny fotoana dia naniraka an'I Jesoa Andriamanitra hoy I Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa, « *Isaorana anie Andriamanitra Rain'i Jesoa Kristy Tompontsika, izay nitso-drano antsika tao amin'i Kristy, amin'ny tsodrano rehetra ara-panahy any an-danitra, sy nifidy antsika tao aminy talohan'ny nahariana izao tontolo izao, mba ho masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany isika, ary nanendry antsika rahateo tamim-pitiavana araka ny sitraky ny fony, mba ho zanaka hatsangany amin'ny alalan'i Jesoa Kristy isika* » Raha miaino sy miaina ny tenin'Andriamanitra isika dia ao amintsika i Jesoa ka afaka handova tokoa isika, ho taranaka mpanorina. Fanorenana vaovao, fahariana vaovao no ambaran'i Masina Maria notorontoronina tsy azon-keloka. Izay ihany koa no tanjona irintsika amin'izao Sinaody izao mba ho « départ vaovao », ho « pantekoty vaovao » ho antsika.

Izany koa no miandry antsika, i Masina Maria no nisantatra an'izay « fahariana vaovao » izay fa ny marina isika rehetra ihany koa dia handray fahasoavana lehibe izay tsy inona fa ny ambaran'ny anjely ao amin'ny evanjely « *Mifalia ry feno hasoavana, ny Tompo ao aminao* ». Isika ihany koa amin'ny alalan'ny batemy dia mandray an'izany na dia tsy tahaka an'i Masina Maria noho ny fahasoavany manokana fa afaka miroso amin'izany kosa isika amin'ny alalan'ny fanoloran-tenantsika izay ataontsika amin'ny fankalazana manokana ny 08 desambra. Amin'izao fivelomantsika ny Sinaody izao, hiaraka hanokantena tokoa amin'i Masina Maria isika, miaraka aminy hanao « eny » fa izany « eny » izany no nampiova ny fianantsika olombelona ka zary fiainana misy an'Andriamanitra. Koa hiaraka amin'i Masina Maria isika hanao ny « eny » hanova ny fiainantsika, hanaovantsika « départ vaovao », ho fiaingana vaovao. Enga anie i Masina Maria hivavaka ho antsika, hitalaho ho antsika mandrakariva izy mba ho taranaka mpanorina tokoa, ho Eglisy Olo, velomin'ny Batemy ka zary Tabernakla velona tahaka an'I Masina Maria. Ny « eny » nataony no nahatonga an'I Masina ho Tabernakla ka raha samy vonona manao “eny” isika vokatr'izao sinaody izao dia zary Tabernakla velona.

Vita batemy isika ka ho tahaka an'i Masina Maria nitondra an'i Jesoa eo amin'ny mpiarabelona. Izany no tena foto-pampianarana amin'izao fankalazana ny 08 desambra izao, tsy fahatsiarovana fotsiny fa maniraka antsika hitondra an'i Jesoa, tsy hibanjina fotsiny isika amin'ny fankalazana ataontsika fa haneho izany amin'ny fiainantsika izany hoe ny fandraisantsika an'i Jesoa tahaka ny nataony ka hitondra an'i Jesoa eo amin'ny mpiarabelona. Izany no maha misionera antsika, vita batemy aho ka irahina, EOV manorina ETA ka zary taranaka mpanorina, izany tokoa i Masina Maria ankalazaintsika androany. Izao fotoan-tsarotra diavintsika izao dia mila Olona vonona hanao “eny” tahaka an'I Masina Maria. Manana modely isika amin'izany dia Victoire Rasoamanarivo, Lucien Botovasoa, Louis Rafiringa raha tsy hilaza afa-tsy ireo Olontsambatra Malagasy isika. Mila olona tahaka azy ireo ny tanindrazantsika. Ts yampy ny olona tia tanindrazana fa mila olona

mahafoy ho an'ny tanindrazana. Olona mahafoy no afaka hanao "eny" tahaka an'I Masina Maria ka nahatonga an'I Jesoa Mpamony eto anivontsika.

Ry Masina Maria reninay ô, mivavaha ho anay mba hahatonga anay ho tempolin'Andriamanitra, ho fonenan'Andriamanitra. Matoky ny fiarovanao izahay, matoky fa hiaraka handresy aminao, miaraka amin'i Jesoa ka hahatonga anay koa ho famantaram-pamonjena amin'ireo manodidina anay. Mihanta aminao izahay mba arov y amin'ny fahotana sy ny haratsiana rehetra ny fanahy am-batanay mba hadio sy ho mendrika an'i Jesoa zanakao. Amen

Mompera Benjamin Ramaroson Arseveka